
Gazety mivoaka isan'andro

Inona no Vaovao

« Izay mahara-baovao, tia fandrosoana »

Alatsinainy 27 novambra 2017 / N° 2536 / 200 Ariary

Hetsiky ny Fitondrana Hvm tany Mahajanga 4

Niseho masoandro ny kilalao maloton'i Rolly Mercia

Araka ny fanadiadiana nataon’ireo namana mpanao gazety any Mahajanga dia maika be loatra ingahy minisitry ny Serasera Harry Laurent Rahajason na ilay mpanao gazeTy nalaza lasa nalazo tanteraka, ka ho votsitra daholo ny tombatombany ho lasa manefoefo toa i Mbola Rajaonah na koa Mbola Tafaray, ilay mpanolo-tsainan-dry Hery sy Voahangy Mivady. Toa diso manao izay mety loatra ka sady tsy manompo firenena no tsy manompo vahoaka ary tsy manompo ihany koa ny filoha Hery vaovao sy ny antoko Hvm fa dia manao ny politikan’ny *« izaho samy irery »*

. Fa dia izy irery tokoa no ho tratra farany eo rehefa injay tonga ilay fotoana handaozana io fitondrana io. Alohan'ny handaozany ity tany fandalovana ity ka tsy n'inona n'inona ho entina any ankoatra any. Tsy maintsy ho avy ireo fotoana izany. Io manaraka io aloha ny tetika (fika hoy ny tanora) nataony tany Mahajanga tany.

**Jeannot Ramambazafy**

Hetsiky ny Fitondrana Hvm tany Mahajanga

# Niseho masoandro ny kilalao maloton ' i Rolly Mercia



Tany Mahajanga nanao hetsika fitokanana zava - bita ny Fitondrana Hvm ny farany herinandro teo. Ny marimarina kokoa dia ny sabotsy lasa teo. Nandritra izany hetsika izany no niseho masoandro ny kilalao maloton' i Rolly Mercia, Minisitry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin' ny Andrimpanjakana. Izy rahateo no Minisitra mpiahy ny Faritra Boeny. Manomboka fantatr' ireo mpitondra Fanjakana miaraka aminy fa izy ihany no voatonotonona ao ambadik' ireo hetsiky ny mpianatra Bdeum (bureau des étudiants de l' Université de Mahajanga) tarihin' i Hitler. Ity fikambanana tarihin' i Hitler ity no voatondro manakorontana ny Université ao Mahajanga ary nitarika fahasimbana tranon' ny mpianatra sy faharatrana mpianatra miisa 5 tamin' ny 12 oktobra 2017 lasa teo. Ankoatra izay ny fikasana handoro trano tao amin' ny Campus Ambondrona ka mpianatra avy amin' ny Bdeum miisa 2 no naiditra am - ponja vonjimaika tamin' izany. Nifanandrify indrindra tamin' ny fanapahan - kevitra noraisin' ny Fanjakana nampitsahatra ny fampianarana teny amin' ny Oniversité noho ny valan' aretina pesta izany fanakorontanana izany. Noho ny fanadiovana nirosoan' ny Fiadidiana ny Oniversité Mahajanga dia naato ny Fampianarana. Naato mitovy amin' ireo Oniversite rehetra nahazo naoty tamin' ny Fanjakana mba hampitsahatra ny fampia - narana noho ny fanadiovana sy famendrahana fanafody noho ny aretina pesta. Teo anatrehan' izany dia nesorina tao amin' ny Campus avokoa ny mpianatra rehetra.

### Dian - tanan' i Berija

I Berija Razafimanantsoa dia iaraha - mahalala fa filoham - boninahitry ilay fikambanana Solima entin' i Jean Pierre ( naman' i Berija nitarika grevy teny Ankatso) . Misy dian - tanan' izy roa lahy ireo ity asa fanakorontanana ataon' i Hitler sy ny ekipany ao amin' ny Campus ao Ambondrona ity. Izy roa lahy ireo dia i Rolly Mercia no nitondra azy ireo ary milaza fa hanohana ny Fitondrana ary i Mbola Rajaonah mpanolotsaina manokana ny filoha no mpiahy azy ireo. « *Milaza ry zareo ireo fa mahazaka ireo mpianatry ny Oniversite manerana an' i Madagasikara amin' ny fifidianana 2018 fa ny Minisitry ny Fampianarana ambony sy ny Fikarohana ara - tsiansa amin' izao fotoana izao no manelingelina azy ireo, ka mila esorina* », fanangonam - baovao manodidina ireo grevy niseho tato ho ato nanerana an' i Madagasikara no nahazoana izany. Dia io miseho ao amin' ny Oniversiten' i Mahajanga io izy. Ilay olona tadiavin' izy ireo ailika ao anaty Fitondrana ity anefa dia filoha nasionaly lefitry ny antoko Hvm mitondra ny Faritanin' i Fianarantsoa. Izany hoe ny olona mitonona fa Hvm amin' izao ihany izany no mamotika ny Hvm. Ary miseho midraodrao fa olona akaiky an' i Mbola Rajaonah.



Izy no Rolly Mercia

### Nandamoaka

« *Ny sabotsy lasa teo dia nikonokonona asa fanakorontanana ny hetsika fitokanana Amphi sy laboratoara ary ny lalana mihazo ny Oniversite Ambondrona ny sabotsy lasa teo ireo ekipan' i Bdeum ireo araka ny vaovao voaray avy any Mahajanga. Nandritry ny fivorian' ny Omc (organisation mixte de conception) ho fitandroana ny filaminana amin' io hetsika tamin' ny sabotsy io dia isan' ny nilaza i Rolly Mercia fa hisy siotsioka sy hampiakatra banderole mandritra an' io hetsika eny amin' ny Campus Ambondrona io, ka tsy tokony hatao fa hanalam - baraka eo imason' ny Filohampirenena. Nampiseho sms teo anatrehan' ny mpivory mihitsy izy nandritry izany. Io sms io dia avy amin' i Hitler* », resaka nivoaka tao amin' io fivoriana io no nahazoana izany. Tsy vitan' izany fa mbola nisy teny hafa mihitsy voalaza fa voatonon' ity manao kilalao maloto ity hoe : sao dia laboratoara ohatra ny lakozia no hotokanana ao amin' ny Oniversite ao ka tsy tokony hatrehan' ny Filohampirenena. Fantatry ny mpanara - baovao sy ny mpanao politika malagasy fa olona iza no manana fomba fiteny tahaka izany? Ankoatra izay dia hitan' ny olona rehetra nanatrika ity hetsika tany Mahajanga ity i Rolly Mercia fa niverin - dalana tsy nanatrika ilay fitokanana Amphi sy laboratoara niaraka tamin' ny Filohampirenena rehefa niditra ny vavahadin' ny Oniversite eny amin' ny Campus Ambondrona any Mahajanga. Ireo dia ampy atao porofo fa manao kilalao maloto amin' ireo mpiray donakafo aminy amin' izao i Rolly Mercia. Izany fomba fihetsiny izany dia tsy atao mahagaga intsony.

**Ny Fanoratana**

INONA NO VAOVAO 27.11.2017